



Ho antsika Olo Araiky Pretra, Voatokana Lahika
Hombantsika mianakavy mandrakarina anie ny Fiadanany Tompo
"Tsy isika tokoa fa ny Fahasoavan'Andriamanitra miaraka amintsika"

Ao anatin'ny Fankalazana ny Pantekoty miaraka amin'ny Voatokana eto amin'ny diosezy aho no manoratra ka tonga miarahaba antsika. Miaraka amin'i Masina Maria isika mitalaho ny Fanahy Masina hanilo antsika mandrakariva amin'ny fandalinampinoana ataontsika hahatonga antsika ho tena kristianiana feno vavolombelona, vonona mandrakariva hiroso amin'ny lalindalina handray antanana ny Eglizy.

Ho fiombonana bebe kokoa satria Olo Araiky tokoa isika dia indro ifampizarana amintsika ny programa ankapobeny eto anivon'ny diosezy mandritra ny telovelona ho avy, izay azo antsoina ho "telovelom-pahasoavana" ka **ny ivon'izany dia ny "mois sacerdotal" amin'ny jolay.**

Matetika aho no miteny amintsika fa tsy misy ny kisendrasendra ao amin'Andriamanitra fa ataony izao rehetra izao anehoany amintsika ny Fitiavany (jereo Rm 8, 28).

Ankoatry ny "mois sacerdotal" mahazatra dia misy fahasoavana marososona atolotr'Andriamanitra amintsika.

- **Famangian'i Mb Terezy sy Ireo Ray aman-dReniny (3-5 jolay)**

- **Famangian'i Mgr Savio Tompon'andraikitra faharoa eo anivon'ny Propaganda Fide Sapan-draharaha manokana ao amin'ny Vatican miahny ny mission, isika izany (3-5 Aogositra)**

- **Fankalazana ny jobily faha 125 taona nahatongavan'ny Masera Filles de Marie teto Diego (Cap Diego) (15 Aogositra)**

- **Fankalazana ny Jobily 50 taona ny Mission Voalohany ny CIM any Sevaina any Fianarantsoa (13 septembra)**

- **Fankalazana ny JMJ faha 8 any Fianarantsoa (16-20 septambra)**

- **Fankalazana ny faha 100 taona ny Batemy Voalohany tao Vohémar (4 Oktobra)**

Ireto rehetra ireo sy izay any anivon'ny Eglizy tsirairay no entintsika Olo Araiky miara-misaotra an'Andriamanitra fa hahasongadintsika kosa anefa ny "mois sacerdotal" satria iritsika mba ho "senakla" (ilay toerana nianan'i Masina Maria sy ny Apostoly nivavaka niandry ny Fanahy Masina Asa 1, 14). Tsy azo adinoina na dia tsy hankalazana amin'ny fomba manokana nefa manosika antsika hiroso amin'ny lalindalina kokoa amin'ny fandraisana an-tanana ny faha-60 taona ny diosezintsika (14 septambra 1955 zary arsidiosy tamin'ny 11 desambra 1958). Efa Olobe tokoa isika. Matoe ka matoky antsika ho tena tompon'andraiktra tokoa amin'ny famelomanana ny diosezintsika amin'ny lafiny rehetra na ara-panahy na ara-tsaina na ara-nofo.

Indro amin'ny ankapobeny ny programa

3-6 jolay : Mb Terezy sy Ireo Ray aman-dReniny

7-11 jolay : Réunion Presbytérale

13-18 jolay : Formation AGV pour les prêtres

19 jolay : Sortie

20-22 : Conseil Presbytéral

22-28 : Retraiten'ny pretra miaraka amin'i P Bruno Gadart

1 Aogositra : Voady Voalohany Masera CIM

3-5 Aogositra : Mgr Savio

Entintsika ambavaka tokoa ireo rehetra ireo mba ho ny Fanahy tokoa no hiasa amin'ny dinika sy ny vavaka ataonay ary haniraka anay ho apostoly hizara ny hafalian' ny Vaovao amin'ny toerana rehetra andefasan'ny Tompo azy. Ankinintsika amin'ny Fo Masin'i Jesoa Mpiaro ny Diosezintsika ary amin'i Masina Maria Mpanjakavavin'ny Apostoly. Mitsodrano antsika Jiaby. Mivavahà ho an'ity Mpanomponareo.